

# Fitsaharana ao anivon'izao tontolo izao misamboaravoara

**Dave Manzano**

Marka 4: 35-40 (vakio ny andininy 35-39).

Tonga teo amin'ny toe-javatra nampidi-doza indrindra ny ainy izao ireto mpianatra, kanefa dia namonjy azy hatrany Jesosy. Lesona tsara ho antsika tokoa izany. Kanefa nahoana àry Jesosy no nilaza tamin'izy ireo ity andininy faha 40 ity ?

“Ary hoy Izy taminy : Nahoana no saro-tahotra hianareo ? Tsy mbola manampinoana va hianareo? ” hoy Izy nampahatsiahy. Raha mahita ny rivotra mifofofoko sy ny rano mameno ny sambo isika, atao ahoana tokoa moa no tsy hatahotra ? Toa milaza amintsika ve izy hoe rehefa misetra fiovaovana sy tolona ny fiainantsika dia tokony hanana fiadanana sy fitsaharana hatrany isika ? Raha asian'ny olona ny fiangonana ka mihilangilana toa ho lavo, dia mbola afaka hiasa am-pitoniana ihany ve isika ? Izany ve no teny tiany hambara amintsika amin'izany ?

Ahoana no hananantsika fitsaharana na dia ao anatin' ity izao tontolo izao misamboaravoara sy feno tolona ary miovaova ity aza?

Afaka ny hitony tanteraka amin'ny fandriam-pahalemana amin'ity fiainana ity isika, ny antony dia satria Andriamanitra Ilay Mpamorona antsika dia manana drafitra manokana ho antsika momba izany , ka na dia misy aza ireo hetraketrak'olombelona mitady hanova zotra izany drafitr'Andriamanitra izany, nohon'izay efa ataon'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika sy ny fahafatesan'I Kristy dia tsy maintsy ho tanteraka izany drafiny izany. Azo antoka tanteraka ny ho avy araka izay efa nampanantenainy.

"Fitsaharana" Tena ilaintsika tokoa izany. Maniry fiadanana sy fitsaharana mihitsy isika. Noho izany indrindra no anonofisantsika fialan-tsasatra tsara

omana sy mahafinaritra miaraka amin'ny fifalian'ny manao dia lavitra.

Koa rehefa mifarana ny fotoam-pialantsasatra dia ho isika hoe: « Tena niala voly tokoa isika taty, kanefa dia tsy maintsy mody any an-trano amin'izay isika izao. » Dia manao izay hampiala vonkina tokoa isika amin'izany. Fa tsara tokoa na izany aza izany manana toerana iray antsoina hoe « trano izany. » Toerana izay ahafahantsika mahita fialan-tsasatra isan'andro.

Kanefa tsy izany rehetra izany akory no tena fitsaharana marina. Fa mbola mitambaby amintsika eny ihany na dia izany aza ny tsindrin'ny fiainana. Lavitra antsika angamba ireo tiantsika. Raha mba teo mantsy izy ireny dia mba ho tsara kokoa ny fiainana, kanefa mbola tsy izany no tena atao hoe fitsaharana feno.

David a mpanao Salamo dia nanambara ny faniriany fatratra hahita fitsaharana. Salamo 55 :6

"Ka hoy izaho : Enga anie ka hanana elatra tahaka ny voromahailala aho , dia handositra aho ka hahita izay hitoerako. » Hitany ireo voromahailala izay mitsindroka eny amin'ny sisin-dalana eny. Koa raha misy loza mananontanona azy ireo, dia mikopak'elatra miakatra fotsiny izy. Koa tao amin'ny ady mafy no setrainy dia nitsaintsaina izy ny fahafinaretana ho azony raha mba afaka manao toy izany koa.

Ahoana no hahafahantsika manana faniriana ny tena fitsaharana ? Ny zavatra sy toe-javatra misy dia mety hanampy antsika ihany. Fa tsy afaka hanala tanteraka ny safotofoto ireny. Eo amin'izao tontolo izao lavo misy antsika ity dia tsy ho azontsika atao velively ny hanana tontolo manodidina tanteraka sy lafatra (Lioka 12 :15). Raha ho azo natao izany, isika amin'ny maha miaina amina tontolo efa lavo antsika dia tsy ho afaka mahita ireny sy hanaiky moramora foana ny toe-javatra miseho.

(Na ireo mpianatr'i Kristy aza dia tsy nahita ny fahatanterahana izay nisy tao Aminy sy teo amin'izay rehetra nataony. Ka moa mba hanao toy ireo koa ve isika ?)

## ANDRIAMANITRA NO MANOME NY TENA FITSAHARANA

Miresaka momba ny fitsaharana Andriamanitra. Hita sy rentsika voalohany indrindra izany ao amin'ny Genesisy 2: 2,3. "Tamin'izany no nitsaharan'Andriamanitra tamin'ny asany rehetra ». Ny fitsaharany dia tsy midika ho « miato » eo afovoan'ny asa nataony fotsiny. Fa vitan'Andriamanitra ny Asa izany nataony. Vita ny famoronana. Dia nitsahatra Izy ary « Sabata » no niantsoany ny fitsaharana eto.

Ny fotoana manaraka nandrenesantsika io fitsaharana io dia ao amin'ny Genesisy 8: 4. Dia nipetraka "Nanao Sabata" teo amin'ny tendrombohitra any Ararata ny Sambo fiara (taorian'ny Safodrano misamboaravoara).

Ny manaraka hahitantsika ny teny hoe « fitsaharana » dia ao amin'ny didy fahaefatra. Ny fitsaharan'Andriamanitra dia tsy ny fitsaharantsika ampahatokiana amin'ny asa nataontsika fotsiny no anton'ity didy ity.

Ny teny hoe "shabbat" amin'ny teny Hebreo dia midika hoe "Fiatoana - Fitsaharana ". Nahoana moa ny andro fahafito amin'ny herinandro no antsoina hoe sabata na midika koa hoe: « fitsaharana » ?

Ny valiny dia hitao ao amin'ny Genesisy 1:31 mitohy amin'ny Genèsisy 2, andininy 1-3. Tapitra ireo heneman'andro namoronana. "ary hitan'Andriamanitra izay rehetra efa nataony, ary indro tsara indrindra izany. » Tsara indrindra izay efa noforoniny. Ny lesona voalohany avy amin'ny Soratra Masina raisintsika àry dia izao manaraka izao : Rehefa mahavita zavatra iray Andriamanitra dia tsara indrindra izany. Ary tsy maintsy tadidiansika.

Dia vita ny lanitra sy ny tany. Dia namorona ny tany sy nahavita azy Izy no nandamina azy ka nataony tany azo onenana (Esaïa 45: 18). Enin'andro no nanaovana izany rehetra izany. Tsy efa nanome antsika heneman'andro mitsingerina isan-kerinandro va Andriamanitra?

Tsia, fa nampiany fahafito ireo heneman'andro hafa teo. Satria nanao izany asa izany Andriamanitra tamin'ny andro fahafito dia notahiany sy natokany izany. Izany no mahatonga ny tarehimarika "7" ho ekena fa « fahavitana tanteraka,

manontolo, na ny rehetra, araka izay efa hita ao amin'ny Baiboly sy ireo ireo vakoka kolotsaina fahiny.

"Misy ireo porofo miharihary momba ireo sora-tanana nosokirina tamin'ny takela-tanimanga ( textes cunéiformes,) izay manana ny fahefany tokoa amintsika, fa ny Babylôniana dia nihevitra ny tarehi-marika 7 hidika hoe isan'ny fahafenoana, fahavitan-javatra tanteraka. Ireo Sumériana, dia nindraman'ireo Sema Babylôniana ny tarehimarika 7 hanehoana fahafenoana, fahavitan-javatra. Ireo Sumériens izay nandratoan'ireo Sema Babylôniana ny hevitra mifandraika amin'ny 7 hoe « feno/ny rehetra . »

Ireo tilikambo 7 misy rihana tao Babylôna dia nentina naneho ny erana izao rehetra izao (univers). Ny 7 dia tarehimarika nanehoana ny hery ambony indrindra, fahafenoan'ny hery lehibe indrindra mety ho azo eritreretina, ary vetivety dia nampiasaina teo amin'ireo fivavahana fanompoana tamin'izany. Hita izany tamin'ireo fanompoana tamin'ny vaninanandron'i Gudea tany afovoan'ny arivo taona fahatelo talohan'I Jesosy Kristy. "andriamanitra fito », eo amin'ny faran'ny fitanisana izay nidika hoe « andriamanitra miisa fito ». Nampiasain'ireo andrianan'i Babylona izany kanefa dia fantatra sy hita ihany koa tany Inde sy Shina ary ireo firenena lehibe fahiny toy ny firenena Celtes sy ny Alemana...."

William Taylor Smith, International Bible Encyclopedia, vol. iv, p. 2159

Ny tontolon-kevitra ny Baiboly dia manoso-kevitra fa io resaka 7 io izay manondro fahafenoana dia avy tamin'iny asa famoronana nataon'Andriamnaitra. "Dia vita ny lanitra sy ny tany mbamin'izay rehetra ao aminy. Ary tamin'ny andro fahafito dia vitan'Andriamanitra ny asa efa nataony.... Genesisy 2: 1,2.

Ny hevitra hoe 7 izay maneho fahavitana, na fahafenoana, dia mazava eto amin'ity toko sy andininy ity sy amin'ireo faritra hafa ao amin'ny Soratra Masina. (Genesisy. 4: 14,15 ; Matio. 12: 45 ; 18: 21,22, sns.)

(Ny tarehimarika 7 dia miseho in- 49 manerana ny bokin'ny Apokalypsy. Ao amin'ny Apokalypsy, ny fiangonana fito dia enti-maneho ireo vanim-potoan'ny fiangonana Kristiana manontolo. Ireo Fanahy fiton'Andriamanitra dia maneho ny fahafenoana tanteraky ny Fanahin'Andriamanitra izay manomba manerana izao

tontolo izao. Ny karazana 7 maro ireo dia mampahatsiahy fa Andriamanitra dia nahavita ny asam-pamonjeny teto ambonin'ny tany.).

## NY FIFANDRAISAN'NY SABATA AMIN'ANDRIAMANITRA

Ny Raintsika Izay any an-danitra, Ilay Mpamorona Lehibe, dia nanokana fotoana manokana ho fifandraisany amin'ny olombelona. Mahatalanjona manao ahoana re izany !

Tamin'io Sabata voalohany io, Adama sy Eva dia nampianarina izay niaviany ary nanomboka nahafantatra Ilay Namorona azy. Tsy vanim-potoana manokana ihany izany. Fa nitahy ny andro fahafito Andriamanitra, natokany ho androny masina manokana ho an'ny taranak'olombelona izany. Nanokana Sabata ho fitsaharana isan-kerinandro izy mba ho fitsaharana ao amin'Andriamanitra, fotoana manokana hanana fifandraisana sy fiombonana manokana amin'Andriamanitra sy ny olony. (Marka 2: 27,28).

Andramo saintsainina anie Adama sy Eva tao anatin'ny fahavitrihan'ny fianany tanteraka. Tsaroako izay niainako fony aho mbola 20 taona. Feno hery, feno aina. Toy ny azoko antoka tanteraka ny ho aviko, kanefa izay nosainiko tamin'izany dia tsy azo ampitahaina amin'izay hery nanentana niainan'i Adama sy Eva tamin'izany. Fahafaha-manao nanao ahoana loatra re no tao anatin'ny fianany. Eritreretiko hoe iny izy ireo mitsambikimbikina mihazakazaka faingana noho ny diera tao anatin'ily saha.

Saintsaino indray anie ireo zava-mahatalanjon'izao tontolo izao nanodidina azy. Zavatra marobe no nilaina nofantarina, zavatra maro no nojerena sy natao. Mora taminy ny nahatonga izao tontolo rehetra izao ho ivon'ny tontolon'ny zava-nodinihiny sy ny fianany. Izany koa anie no niainan'I Losifera tany an-danitra e.

Nila fitsaharana sabata niaraka tamin'Ilay Mpamorona azy Adama sy Eva mba hihazonan'ily heriny manamasina ny firaisana an-tsitrampo taminy izay nahatonga ho nisy nanoloana ireo voaary rehetra nanodidina azy ireo. Famantarana izany fa ny finoantsika dia miorina eo amin'izay asa noforoniny fa tsy teo amin'ireo asa vitantsika tsy akory.

Fantatsika ve ny atao hoe marika famantarana ( marque déposée,) sa tsy izany ? Anarana apetaka eo amina vokatra iray izay hamantarana ny mpanamboatra azy izany. Manana tombambidy ambony tokoa izany marika famantarana ny vokatra iray vokarina izany. Maneho antsika izany hoe iza no nanamboatra io vokatra io ary iza no miantoka azy. Vitan'Andriamanitra Mpamorona, ny Sabata dia mitondra ny marim-pamantarana antsika izay noforonin'Andriamanitra. Voasokitra eo ny Anarany.

Ny Tenin'Andriamanitra izay manao hoe « Dia hametraka ny Anarako eo aminy Aho » dia mitombina ihany koa ho an'ny Sabatan'ny andro fahafito. Vakio ny didy fahaefatra : (Eks. 20: 8-11) dia mariho fa mipetraka amin'izany ny Anarany:

"Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito... fa henemana no nanaovan'i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito. Izany no nitahian'I Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy ". (Eks. 20: 8- 11)

"JEHOVAH". In-telo izany anarana masina indrindra amin'ny Jiosy izany izay tsy sahiny soratana na tononina no miseho ato amin'ity didy fahefatra ity. Io no ilay "IZAHO IZAY IZY » izay notononin'i Kristy ho Izy ka nahatonga ny olona nitady hitora-bato Azy. (Jaona 8: 58,59) Izany no anarana izay manamarika ny andro masin'ilay Sabatan'Andriamanitra.

"MAHATSIAROVA ny andro Sabta hanamasina azy.." "Mahatsiarova ". Ny Sabata dia tsy zava-baovao izay mbola tsy fantatr'izao tontolo izao mihitsy akory. Fa efa fantatra tamin'ireo Lovan-tsofin'ny kolontsaina fahiny izany. (2)

(2) Ny tsingerin'andro fito dia efa mazava be tao amin'ireo tantara fahagola. Raha niezaka hanakatra ny niandohan'ny hevitra 7 sy Fitsaharana i Augustus Strong ao amin'ny bokiny SYSTEMATIC THEOLOGY, (1907) dia manolotra hevitra maro izay taratra amin'ity andalan-dahatsoratra ity :

"Ny fahitana takela-tanimanga misy Alimanaka tany Mezopotamia dia maneho antsika ny herinandro misy andro fito ary ny Sabata dia tena mbola nanan-kery tokoa tamin'ny tany Babylona fahiny taloha lavitra ny vanim-potoanan'i Mosesy. Tao amin'izany takela-tanimanga izany, ny fahafito, faha-efatra ambinifolo, ny fahairakambiroapolo ary ny

fahavaloambiroampolo dia nantsoina hoe sabata, ny teny izay nampiasain'i Mosesy ary manaraka ireo ny teny hoe : « Andro Fitsaharana ».

Ireo fitsipika tamin'ireo takela-tanimanga ireo aza dia henjana kokoa noho ny lalàn'i Mosesy. Tany amin'ny vanim-potoan'ny Akadianina efa talohan'i Abrahama no nisian'izany. Tamin'ny vokam-pikarohana hita vao haingana, io andro io dia nantsoina hoe « andro fitsaharan'ny fo », satria ireo andriamanitra, noho ny fanolorana fanatitra ho azy amin'io andro io dia tonga « mitony ny fony ». Jereo Jastrow, in Am. Jour. Theol. Apr. 1898." Strong, Théologie Systématique, p. 408

"Andro fitsaharan'ireo andriamanitra ", no mety hitarafan'ny olona ny Genesisy 2:2, kanefa dia fanovana ny tena fitsaharan'Andriamanitra marina amin'ny andro fahafito izany. Ny fitsaharan'Andriamanitra dia tsy hoe raisina noho ny fanatitra fivalozana natolotra azy, fa efa nomanina mialoha ho an'ny taran'olombelona hatrany ampamorona mihitsy izany izay hita ao anatin'ny sabata.

Ny fitsaharan'ny Sabata dia maneho mazava fa Andriamanitra no fototry ny fitsaharana feno izay irin'ny fontsika indrindra.

Koa tsy maintsy MAHATSIARO ny andro Sabata isika. Nahoana no mila tsarovana fa Izy no Mpamorona? Amin'ny asa izay efa nataony izao zavatra misy rehetra izao. Noho ny asam-panavotana efa nataony no nahavoavonjy antsika indray. Noho ny Asa nataony no miantoka ho avy mamiratra ho antsika indray. Noho izany ny fitsaharana marina dia Ao Aminy irery ihany no misy azy. Mahafinaritra indrindra Izy amin'ny maha-Mpamorona sy Mpanavotra mora fanahy Azy.

Noforonina ho an'ny taranak'olombelona ankehitriny ny Sabata mba hahafahany mitazona mandrakariva ny fifandraisany amin'Ilay fototra niaviany. Isika zanak'olombelona dia tsy teraka avy amin'ny kisendrasendra tsy misy dikany na lanjany. Eto isika noho ny amin'Ilay Persona Iray. Tsy iza izany fa Ilay Andriamanitra Mpamorona. Ny olombelona izay nohariana araka ny endrik'Andriamanitra dia afaka hahita ny fifaliana amin'ny fiainana sy fahafantarana an'Andriamanitra, ary amin'izany no hahatonga antsika hitaratra ny hatsaram-panahiny, ny fahamarinany ary ny fitiavany.

Ny fahotana dia nanova ny toerana nisy ny olombelona ary ny sisa ao amin'ny

tantaran'ny Baiboly dia fanehoana ny Asan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Jesosy Kristy izay hamerenany amin'ny laoniny indray ny zavatra rehetra. (Vakio, Asa 3:20, 21)

Amin'ny maha tsangambato fahatsiarovana naorin'ny Mpamorona, ny Sabata dia manambara sy manoritra amintsika fa azony atao ihany koa ny mamorona antsika ho « Olom-baovao. » Famantarana izany fa ny hery mamorona tao Aminy dia afaka manamasina antsika ihany koa. (2 Kor. 5:17 ; Eze. 20:12).

Ny Sabatan'ny andro fahafito dia tsy hoe ao anatin'ny lalàna môrally mandrakizain' Andriamanitra fotsiny, fa maneho ihany koa fa efa tonga voavonjy sy voaverina amin'ny laoniny indray amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy Tompo isika. Fa « Izy mihitsy no Tompon'ny Sabata. ». Marka. 2:28

Ny fanajana ny sabata dia noheverina ho asa tsara izay hahazoantsika ireo fitahian'Andriamanitra feno.

Ireo raby dia namoaka fitsipika ampolony maro, eny an-jatony aza izay naneho ny azo atao sy voarara tsy hatao amin'ny andro Sabata.

Teo am-piandrasana ny Mesia tamin'ny taonjato voalohany, dia nisy raby nampianatra fa raha mahatandrina tsara Sabata iray ny Israely rehetra dia mety hiseho ny Mesia, Ka raha mahatandrina tsara andro Roa izy, dia tsy ny Mesia ihany no hiseho mba hanavotra antsika fa ny firenena manontolo mihitsy no ho voavotra indray. (George E. Rice, CHRIST IN COLLISION, p. 18, Tannith 64a ; Shabbath 118b)

Nandritra ny fiainany tety, Jesosy dia naneho ny tanjona sy fitahian'ny Sabata ho an'ny taranak'olombelona lavo. Fahazarany ny mankany amin'ny Synagoga rehefa Sabata ny andro. Nifandray mandrakariva tamin'ny vahoakany Izy. Nampianatra ireo vahoakany izy. Nanao fahagagana ho an'ny olony Izy. Tamin'ireo Asa nataony nandritra ny Sabata dia hitantsika ireo fitahiana izay nomanin'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona lavo.

Nandritra ny vavaka nataony taorian'ny fandraisana fanasan'ny Tompo, dia hoy Kristy nanao hoe : « Vitako ny Asa izay efa nomenao hataoko. » Ary rehefa teo am-pialan'aina ny Zoma Izy dia nihiaka hoe : « Vita !" (Jao. 17:4 ; 19:30)



Nahazo ny fanomezan-dalana handevina Azy i Josefa avy any Arimatia sy Nikodemosy (andiny 40-42) Tamin'ny fahavitany ny Asa nampanaovina Azy dia nanoratra ny Famonjena feno sy tanteraka Ilay Zanak'Andriamanitra. Nahatonga famonjena ho zava-misy ny drafitra sy ireo teny fikasana nomeny.

Rehefa nahavita izany Asa izany Izy dia niala sasatra toy ny tamin'ny famoronana tao amin'ny fasan'i Josefa avy any Arimatia.

NY TENA FITSAHARANA MARINA DIA AVY AMIN'NY ALALAN'I JESOSY KRISTY.  
Vakio Matio 11:28,29.

Ny taridalana nomen'ny Josoa dia nahatonga ireo foko 12 n'ny zanak'Israely hiala sasatra amin'izay tao amin'ny tany Kanàna. (Josoa 22:4 ; 23:1).

Kanefa tsy izany no ilay fitsaharana hitantsika ao amin'Andriamanitra. Ny mpanjaka Davida dia nitondra fitsaharana ho an'Israely manoloana ireo fahavalony. (1 Mpanj. 5:4). Kanefa tsy naharitra izany. Dia niverina indray izany filaminana/fitsaharana izany tamin'ny andron'I Asa sy tamin'ny andron'I Josafata. (2 Tantara. 15:5 ; 14:6, 7 ; 15:15 ; 20:30). Kanefa tsy izany no fitsaharana irintsika na atolotr'Andriamanitra.

"Ka dia mbola misy Sabata fitsaharana ho an'ny olon'Andriamanitra ". (Hébrío. 4:9)

Ny fitsaharan'ny Sabata izay nampanantenaina dia tsy afaka mihitsy ny ho hita ivelan'i Jesosy Kristy. Fa« Izy no fihavanantsika/fiadanantsika ».

Izy no Ilay Shiloh izay mitondra fihavanana/fiadanana/fitsaharana. Ilay iraky ny fihavanana dia Ilay nanome toky an'i Mosesy taorian'ny fanompoana ilay « ombilahy kely volamena ». « Ny tavako no handeha hialoha anao ka hanome anao fitsaharana. Ny andry rahona no nialoha azy ireo mandra-pahitany ny fitsaharana." (Efes. 2:12-19 ; Gen. 49:10 ; Eks. 23:14 ; Nom. 33:10)

Rom. 5:1, Ny fihavanana/fiadanana dia azo avy amin'ny fifandraisana mirindra amin'Andriamanitra sy amin'ny fitokisana Azy tanteraka. Tamin'ny alalan'ny fiainana sy fahafatesan'i Kristy no nahatonga izany ho tena zava-misy. Ankehitriny raha miasa ho antsika any an-danitra Izy dia mbola mihoatra lavitra noho ilay tao anaty sambo kely teny amin'ny ranomasin'ny Galilia nasafotofoton'ny tafiotra izany. Raha mankeo Aminy isika, dia manaiky ny Ziogany, mianatra Aminy ary maneho fankatoavana feno Azy.

Mila mihazona mandrakariva ny finoana mifikitra Aminy isika na efa feno rano aza ny sambokely. Izy no Mpamorona, Mpanorina, Mpiaro sy Mpihazona ny fiangonany. Ny fitandremana ny Sabatan'Andriamanitra dia manjary "fahafinaretana " sy fanandramana raisina isan-kerinandro momba ny fitsaharana atolotr'Andriamanitra ny vahoakany, dia ireo "olona masina tsy azo hozongozonina izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy." (Isaia 58:13 ; Apokalypsy 14:12) Amin'izany no hialofantsika tanteraka eo Aminy.

Izy no fiadanantsika/fihavanantsika. Izy no fitsaharantsika. Saintsaino kely anie izao : zazakely iray mitomany. Ireo ranomaso ireo dia milaza amintsika fa sorena tokoa izy. Tsy manam-piadanana. Dia raisin'ny reniny ho eo an-tsandriny izy ka adabony eo an-tsorony. Dia mbola mikofokofoka ihany izy no ny tsy mbola fahazoany'aina. Dia kapokapoiny malefaka amin'ny tanany ny lamosiny ary iresahany moramora izy.

Rehefa afaka kelikely dia miha-mihena ny tomany ary dia mitsahatra tanteraka amin'izay. Dia ahodiny kely indray ny lohany. Ary misento lalina izy ka mametraka ny lohany eo an-tsorony. Milamina ny zavatra rehetra. Tony sy mitsahatra ny toe-javatra rehetra.

Afaka mba misaintsaina toy izany ve ianareo, miankina tanteraka eo an-tsandry maherin'Andriamanitra ? « Ny Andriamanitra hatrizay hatrizay no fonenana, ary ny sandry mandrakizay no eto ambany.” Deot. 33:27

Raha misaritaka sy misamboaravoara ny manodidina anao, dia saintsaino izany hoe « miankina am-pitokiana eo an-tsandry mandrakizain'i Jesosy... » Hoy ny teny fikasany manao hoe : « tsy handao anao Aho na hahafoy anao akory.” Hahita fitsaharan'ny Sabbath marina ianao amin'izany.